



Siège national  
47 rue d Clichy  
75311 Paris Cedex 09  
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA  
VEILLEE DE PRIERE FPMA

**JESOSY, MPANOMPON'NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA**  
**– JESUS, MISSIONNAIRE DU ROYAUME**

Alakamisy 27 aogositra 2020  
*Jeudi 27 août 2020*

**IZAY IAINANA AMIN'NY FANAOVANA NY ASA MISIONA (Mat. 10, 9–42)**  
**– CE QUE L'ON VIT DANS LA MISSION (Mat. 10, 9-42)**

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**

**Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu :** Izaon no lazain'ny Tenin'Andriamanitra – *Voici ce que dit la Parole de Dieu :*

« Izay lazaiko aminareo ao amin'ny maizina dia ambarao eo amin'ny mazava, ary izay ren'ny sofinareo dia torio eo ambonin'ny tampon-trano » (Mat. 10, 27). Amen ! – « *Ce que Je vous dis dans les ténèbres, dites-le en plein jour et ce qui vous est dit à l'oreille, proclamez-le sur les toits* » (Mat. 10, 27). Amen !

**Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

**Teny fampidirana – Introduction**

**Hira (Chant) 300, 1 sy 4 : Ny tany izay vangianao :**

1. Ny tany izay vangianao,  
Ry Jeso Masoandronay,  
Tsy maintsy lasanao, Jeso,  
Mba hanjakoanao avokoa.
4. Ny fo sy tany lasanao  
Ho feno fahasambarana,  
Ny loza hosakananao,  
Ny soa hampidinina.

**FIZARANA 1 – PARTIE 1**

## **Teksta 1 – Texte 1 : Mat. 10, 9-15 :**

9 « Aza mitady volamena, na volafotsy, na varahina, ho ao anatin'ny fehin-kibonareo, 10 na kitapom-batsy ho amin'izay haleha, na akanjo roa, na kapa na tehina : fa ny mpiasa dia miendrika hahazo ny haniny.

*9 « Ne prenez ni or, ni argent, ni monnaie dans vos ceintures, 10 ni sac pour le voyage, ni deux chemises, ni sandales, ni bâton : car l'ouvrier mérite sa nourriture.*

11 Ary izay tanàna na vohitra hiakaranareo, dia fantaro tsara izay mendrika ao, ka mitoera ao aminy mandra-pialanareo. 12 Ary raha vao miditra ao amin'ny trano ianareo, dia miarahabà ny ao. 13 Koa raha mendrika ny ao an-trano dia aoka ho ao aminy ny fiadanana tononinareo, fa raha tsy mendrika izy dia aoka hiverina aminareo ny fiadanana voatononareo. 14 Ary izay tsy hampandroso anareo na tsy hihaino ny teninareo, raha miala amin'izany trano na tanàna izany ianareo, dia ahintsano ny vovoka amin'ny tongotrareo. 15 Lazaiko aminareo marina tokoa fa ho moramora kokoa ny ho amin'ny tany Sodoma sy Gomora amin'ny andro fitsarana noho ny ho amin'izany tanàna izany.

*11 Dans chaque ville ou village où vous arrivez, informez-vous pour savoir qui est digne de vous accueillir et restez chez lui jusqu'à votre départ. 12 En entrant dans la maison, saluez ses habitants 13 et, s'ils en sont dignes, que votre paix vienne sur eux. Mais, s'ils n'en sont pas dignes, que votre paix revienne à vous. 14 Lorsqu'on ne vous accueillera pas et qu'on n'écouterà pas vos paroles, sortez de cette maison ou de cette ville et secouez la poussière de vos pieds. 15 Je vous le dis en vérité, le jour du jugement, le pays de Sodome et de Gomorrhe sera traité moins sévèrement que cette ville-là.*

## **Fanamarihana 1 – Commentaires 1 : Mila mianatra matoky ny Tompo Jesosy ny kristiana – Les disciples de Jésus doivent apprendre à faire confiance au Seigneur Jésus**

### **Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba hirotsaka mavitrika amin'ny fandraisana anjara amin'ny Asan'Andriamanitra ny ankohonantsika, ka hifamporisika sy hifanohana amin'izany - *pour notre foyer et notre famille pour que les membres de notre famille participent activement à la mission de l'Eglise, qu'ils s'encouragent et se soutiennent dans cette mission*
- ho an'ny Fiangonana mba ho tena mpandray anjara sy ho mpanohana ny asa misiona fitoriana ny Filazantsaran'ny Fanjakan'ny Lanitra ny mino – *pour l'Eglise pour que les fidèles soient réellement partie prenante et subviennent à la mission de l'Eglise qu'est la prédication de l'Evangile du Royaume des Cieux*

### **Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY**

#### **Hira (Cantique) 301, 1-2 : He, sahanao, Mpamonjy ô :**

1. He, sahanao, Mpamonjy ô, izao rehetra izao.  
Ka be izao ny vokatra ao, fa vitsy ny mpanao.
2. Indreto, tonga izahay hivavaka Aminao,

Hanolotra ny tenanay hiasa ho Anao.

## FIZARANA 2 – PARTIE 2

### Teksta 2 – Texte 2 : Mat. 10, 16-23 :

16 Indro, izaho maniraka anareo ho tahaka ny ondry ao ampovoan'ny amboadia : koa hendre tahaka ny menarana ary morà tahaka ny voromailala. 17 Ary mitandrema ianareo noho ny amin'ny olona fa hatolony ho amin'ny Synedriona sy hokapohiny ao amin'ny synagogany ianareo 18 ary ho entiny eo anatrehan'ny mpanapaka sy ny mpanjaka ianareo noho ny Amiko, ho vavolombelona aminy sy amin'ny jentilisa. 19 Fa raha manolotra anareo izy, dia aza manahy ny amin'izay fomba hitenenanareo na izay holazainareo fa homena anareo amin'izany ora izany izay holazainareo. 20 Fa tsy ianareo no miteny, fa ny Fanahin'ny Rainareo no miteny ao anatinareo.

*16 Voici que je vous envoie comme des brebis au milieu des loups. Soyez donc prudents comme les serpents et purs comme les colombes. 17 Méfiez-vous des hommes, car ils vous livreront aux tribunaux et vous fouetteront dans leurs synagogues. 18 A cause de Moi, vous serez conduits devant des gouverneurs et devant des rois pour leur apporter votre témoignage à eux et aux non-Juifs. 19 Mais, quand on vous fera arrêter, ne vous inquiétez ni de la manière dont vous parlerez ni de ce que vous direz : ce que vous aurez à dire vous sera donné au moment même. 20 En effet, ce n'est pas vous qui parlerez, c'est l'Esprit de votre Père qui parlera en vous.*

21 Ary ny rahalahy hanolotra ny rahalahiny mba ho faty, ary ny ray hanolotra ny zanany, ary ny zanaka hitsangana hanohitra ny rainy sy ny reniny ka hahafaty azy. 22 Ary ho halan'ny olona rehetra ianareo noho ny Anarako, fa izay maharitra hatramin'ny farany no hovanjena. 23 Ary raha manenjika anareo amin'ny tanàna anankiray ny olona, dia mandosira ho any amin'ny hafa, fa lazaiko aminareo marina tokoa : Tsy hahatapitra ny tanànan'ny Isiraely ianareo tsy akory mandra-pahatongan'ny Zanak'olona.

*21 Le frère livrera son frère à la mort et le père son enfant, les enfants se soulèveront contre leurs parents et les feront mourir. 22 Vous serez détestés de tous à cause de mon Nom, mais celui qui persévéra jusqu'à la fin sera sauvé. 23 Quand on vous persécutera dans une ville, fuyez dans une autre. Je vous le dis en vérité, vous n'aurez pas fini de parcourir les villes d'Israël avant que le Fils de l'homme ne vienne.*

### Fanamarihana 2 – Commentaires 2 : Ny ady atrehin'ny mpiasa misiona - Le combat des missionnaires

#### Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ireo sahirana mba - *pour ceux qui sont dans des difficultés pour que :*
  - hahatsapany fa mikarakara azy ny Tompo – *ils prennent conscience que le Seigneur s'occupent d'eux*
  - hatoky ny fitondran'ny Tompo tanteraka izy ireo – *ils aient confiance dans la conduite du Seigneur*
- ho an'ny kristiana mba – *pour les chrétiens pour que :*

- ho endrik'Andriamanitra mitory sy manambara ny Fanjakan'ny Lanitra ny kristiana – *les chrétiens soient l'image de Dieu qui prêche et révèle le Royaume des Cieux*
- handray andraikitra amin'ny fitoriana ny Filazantsara araka izay tratrany miaraka amin'i Jesosy Tompo ny kristiana – *les chrétiens prennent leur responsabilité dans la prédication de l'Évangile selon les moyens que le seigneur Jésus met à leur disposition*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 301, 4-5 : He, sahanao, Mpamonjy ô :

4. Vimbinonao ny irakao, ny feony hamamio,  
Indrindra fa omeonao ny zotom-po madio.
5. Tahio re ny olonao hihaino sy hanoa,  
Mba hahitany Aminao ny antra mahaso.

### FIZARANA 3 – PARTIE 3

#### Teksta 3 – Texte 3 : Mat. 10, 24-42 :

24 Ny mpianatra tsy mihoatra noho ny mpampianatra, na ny mpanompo noho ny tompony. 25 Fa ampy amin'ny mpianatra raha tonga tahaka ny mpampianatra azy, ary ny mpanompo raha tonga tahaka ny tompony. Raha ny tompon-trano no nataony hoe Belzeboba, tsy mainka va ny ankohonany ? 26 Koa amin'izany aza matahotra azy ianareo fa tsy misy afenina izay tsy haseho, na takona izay tsy ho fantatra. 27 Izay lazaiko aminareo ao amin'ny maizina dia ambarao eo amin'ny mazava, ary izay ren'ny sofinareo dia torio eo ambonin'ny tampon-trano. 28 Ary aza matahotra izay mamono ny tena nefa tsy mahay mamono ny fanahy, fa aleo matahotra izay mahay mahavery ny fanahy sy ny tena ao amin'ny helo. 29 Tsy varidimiventy ihany va no vidin'ny tsintsina roa ? Nefa tsy misy na dia iray akory aza amin'ireny ho latsaka amin'ny tany, raha tsy avelan'ny Rainareo. 30 Fa na dia ny volon-dohanareo aza dia voaisa avokoa. 31 Koa aza matahotra fa mihoatra noho ny tsintsina maro ianareo.

*24 Le disciple n'est pas supérieur au maître, ni le serviteur supérieur à son seigneur. 25 Il suffit au disciple d'être traité comme son maître, et au serviteur comme son seigneur. S'ils ont appelé le maître de la maison Bézébul, ils appelleront d'autant plus volontiers ainsi les gens de sa maison ! 26 N'ayez donc pas peur d'eux, car il n'y a rien de caché qui ne doive être découvert, ni de secret qui ne doive être connu. 27 Ce que Je vous dis dans les ténèbres, dites-le en plein jour et ce qui vous est dit à l'oreille, proclamez-le sur les toits. 28 Ne redoutez pas ceux qui tuent le corps mais qui ne peuvent pas tuer l'âme. Redoutez plutôt celui qui peut faire périr l'âme et le corps en enfer. 29 Ne vend-on pas deux moineaux pour une petite pièce ? Cependant, pas un ne tombe par terre sans l'accord de votre Père. 30 Même vos cheveux sont tous comptés. 31 N'ayez donc pas peur : vous valez plus que beaucoup de moineaux.*

32 Ary amin'izany na zovy na zovy no hanaiky Ahy eo anatrehan'ny olona, dia hekeko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko Izay any an-danitra. 33 Fa na zovy na zovy no handà Ahy eo anatrehan'ny olona, dia holaviko kosa izy eo anatrehan'ny Raiko izay any an-danitra. **32** *C'est pourquoi, toute personne qui se déclarera publiquement pour Moi, Je me déclarerai, Moi aussi, pour elle devant mon Père céleste. 33* *Mais celui qui Me reniera devant les hommes, Je le renierai, Moi aussi, devant mon Père céleste.*

34 Ary aza ataonareo fa tonga hitondra fiadanana ambonin'ny tany Aho : tsy tonga hitondra fiadanana Aho fa sabatra. 35 Fa tonga Aho hampifandrafy olona amin'ny rainy, ary ny zanakavavy amin'ny reniny, ary ny vinantovavy amin'ny rafozanivavy, 36 ary ny ankohonan'ny olona ihany no fahavalony (Mik. 7, 6). 37 Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika ho Ahy, ary izay tia ny zanani-lahy na ny zanani-vavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika ho Ahy. 38 Ary izay tsy mitondrany hazo fijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy mendrika ho Ahy. 39 Izay mamonjy ny ainy no hamery azy, ary izay mamery ny ainy noho ny Amiko dia hahazo azy.

**34** *Ne croyez pas que Je sois venu apporter la paix sur la terre ! Je ne suis pas venu apporter la paix mais l'épée. 35* *Car Je suis venu mettre la division entre l'homme et son père, entre la fille et sa mère, entre la belle-fille et sa belle-mère, 36* *et l'on aura pour ennemis les membres de sa famille. 37* *Celui qui aime son père ou sa mère plus que Moi n'est pas digne de Moi, et celui qui aime son fils ou sa fille plus que Moi n'est pas digne de Moi. 38* *Celui qui ne prend pas sa croix et ne me suit pas n'est pas digne de Moi. 39* *Celui qui conservera sa vie la perdra, et celui qui perdra sa vie à cause de Moi la retrouvera.*

40 Izay mandray anareo dia mandray Ahy, ary izay mandray Ahy dia mandray Izay naniraka Ahy. 41 Izay mandray mpaminany, satria mpaminany izy, dia handray ny valim-pitian'ny mpaminany, ary izay mandray olona marina, satria olona marina izy, dia handray ny valim-pitian'ny olona marina. 42 Ary na zovy na zovy no manome rano mangatsiaka na dia eran'ny kapoaka ihany aza hosotroin'ny anankiray amin'ireo madinika ireo, satria mpianatra izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very ny valim-pitiany ».

**40** *Si quelqu'un vous accueille, c'est Moi qu'il accueille, et celui qui M'accueille accueille Celui qui M'a envoyé. 41* *Celui qui accueille un prophète en qualité de prophète recevra une récompense de prophète, et celui qui accueille un juste en qualité de juste recevra une récompense de juste. 42* *Et si quelqu'un donne à boire ne serait-ce qu'un verre d'eau froide à l'un de ces petits parce qu'il est mon disciple, Je vous le dis en vérité, il ne perdra pas sa récompense ».*

**Fanamarihana 3 – Commentaires 3 : Tsy maintsy manao safidy ny olona eo anatrehan'ny Tompo Jesosy na handray Azy na tsia – Chaque personne doit se prononcer devant le Seigneur Jésus si elle veut L'accepter ou non**

**Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :**

- ho an'ny tenantsika mba tsy hionona fotsiny amin'ny fihetseham-po isika amin'ny finoana fa tena hiaina izany amin'ny fankatoavana ny Sitrapon'Andriamanitra sy amin'ny faharetana – *pour nous pour que nous ne nous contentions plus de sentimentalisme dans notre foi mais que nous acceptions d'être commandés par la Volonté de Dieu et que nous soyions persévérants dans la foi*
- ho an'ireo mpitandrina mba – *pour les pasteurs pour que* :
  - hatoky tanteraka ilay naniraka azy ho amin'ny asa fitandremana ny ondrin'Andriamanitra izy – *ils accordent leur entière confiance en Celui qui les a missionné pour s'occuper des brebis de Dieu*
  - hahita fifaliana sy fiadanana ary fiainana amin'ny fanompoana ny Tompo Jesosy izy araka ny fampanantenan'ny Tompo rahateo – *ils trouvent la joie, la paix et la vie dans le service du Seigneur Jésus tel que Seigneur leur a promis par ailleurs.*

### Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

#### Hira (Cantique) 303, 1-3 : Ô mandrosoa, ry mpanaraton'i Jeso :

1. Ô mandrosoa, ry mpanaraton'i Jeso,  
Izay no baiko azontsika, ka mandrosoa :  
I Jesosy Tompo no mibaiko mandrosoa :  
Raiso ka arotsahy ny haratonao.

#### Fiverenana :

*Miaingà, namako ô, i Jeso no mibaiko  
Mandrosoa, mandrosoa, mandrosoa tokoa  
Aza kivy koa, na dia tsy mahazo :  
Mandrosoa amin'ny lalina kokoa.*

2. Ô mandrosoa, ry mpanaraton'i Jeso,  
Saina mora kivy aoka ho lavinao.  
Fa ny mora kivy dia hanenina tokoa :  
Raiso ka arotsahy ny haratonao.
3. Ô mandrosoa, ry mpanaraton'i Jeso,  
Mbola ao ny hazandrano ho azonao.  
Tsy azonao anio, ampitso mandrosoa,  
Raiso ka arotsahy ny haratonao.

### FANDRAVONANA – CONCLUSION :

#### Teksta – Texte : Rom. 12, 1-13 :

1 Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. 2 Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao, fa miova amin'ny fanavaozana ny saina hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina.

*1 Je vous encourage donc, frères et soeurs, par les compassions de Dieu, à offrir votre corps comme un sacrifice vivant, saint, agréable à Dieu. Ce sera de votre part un culte raisonnable. 2 Ne vous conformez pas au monde actuel, mais soyez transformés par le renouvellement de l'intelligence afin de discerner quelle est la volonté de Dieu, ce qui est bon, agréable et parfait.*

3 Fa noho ny fahasoavana nomena ahy dia izao no lazaiko amin'ny olona rehetra izay eo aminareo : aza miavonavon-kevitra ka mihevitra mihoatra noho izay tokony hoheverina, fa mihevera izay onony araka ny ohatry ny finoana izay nozarain'Andriamanitra ho anareo avy. 4 Fa toy ny ananantsika zavatra maro momba ny tena iray, nefa tsy mitovy asa izay rehetra momba ny tena, 5 dia toy izany koa isika, na dia maro aza, dia tena iray ihany ao amin'i Kristy, ary samy miara-momba ny tena isika rehetra. 6 Ary satria samy manana fanomezam-pahasoavana samy hafa isika, araka ny fahasoavana izay nomena antsika : raha faminiana dia aoka hatao araka ny ohatry ny finoana, 7 raha fanompoana amin'ny fiangonana, dia aoka ho amin'ny fanompoana, raha mampianatra dia aoka ho amin'ny fampianarana, 8 raha mananatra dia aoka ho amin'ny fananarana. Izay manome dia aoka ho amin'ny fahatsoram-po, izay manapaka dia aoka ho amin'ny fahazotoana, izay mamindra fo dia aoka ho amin'ny fifaliana.

*3 Par la grâce qui m'a été donnée, je dis à chacun de vous de ne pas avoir une trop haute opinion de lui-même, mais de garder des sentiments modestes, chacun selon la mesure de foi que Dieu lui a donnée. 4 En effet, de même que nous avons plusieurs membres dans un seul corps et que tous les membres n'ont pas la même fonction, 5 de même, nous qui sommes plusieurs, nous formons un seul corps en Christ et nous sommes tous membres les uns des autres, chacun pour sa part. 6 Nous avons des dons différents, selon la grâce qui nous a été accordée. Si quelqu'un a le don de prophétie, qu'il l'exerce en accord avec la foi; 7 si un autre est appelé à servir, qu'il se consacre à son service. Que celui qui enseigne se donne à son enseignement, 8 et celui qui a le don d'encourager à l'encouragement. Que celui qui donne le fasse avec générosité, celui qui préside, avec zèle, et que celui qui exerce la bienveillance le fasse avec joie.*

9 Aoka ny fitiavana ho amin'ny tsi-fihatsarambelatsihy; mankahalà ny ratsy; mifikira amin'ny tsara. 10 Mifankatiava araka ny fifankatiavan'ny mpirahalany; mitariha làlana amin'ny fanomezam-boninahitra. 11 Mazotoa, fa aza malaina, ary aoka hafana fo amin'ny fanompoana ny Tompo. 12 Mifalia amin'ny fanantenana, miareta amin'ny fahoriana, mahareta amin'ny fivavahana. 13 Miantrà ny olona marina araka izay ilainy, mazotoa mampiantrano vahiny.

*9 Que l'amour soit sans hypocrisie. Ayez le mal en horreur, attachez-vous au bien. 10 Par amour fraternel soyez pleins d'affection les uns pour les autres et rivalisez d'estime réciproque. 11 Ayez du zèle, et non de la paresse. Soyez fervents d'esprit et servez le Seigneur. 12 Réjouissez-vous dans l'espérance et soyez patients dans la détresse. Persévérez dans la prière. 13 Pourvoyez aux besoins des saints et exercez l'hospitalité avec empressement.*

### **Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :**

Rainay ô, izay any an-danitra,

Hohamasinina anie ny Anaranao,  
Ho tonga anie ny Fanjakanao,  
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.  
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.  
Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.  
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.  
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

*Notre Père qui es aux cieux,*

*Que ton Nom soit sanctifié,*

*Que ton Règne vienne,*

*Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.*

*Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.*

*Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.*

*Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.*

*Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !*

### **Hira (Chant) 512, 1-2 : He, matoky aho, Tompo :**

1. He, matoky aho, Tompo,  
Azoko ny Teninao.  
Teny soa mahafaly,  
Teny avy Aminao.

#### Fiverenana :

*He, matoky aho, Tompo,*

*Azoko ny Teninao.*

*Teny soa mahafaly*

*No omenao ahy izao.*

2. Tahotra amana ahiahy  
Dia ariako izao.  
Fa nomenao toky aho  
Sady tô ny Teninao.

### **Tso-drano – Bénédiction :**

Hitahy anareo anie ny Tompo ka hiaro anareo !

*Que l'Eternel te bénisse, et qu'il te garde !*

Hampampiratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hiantra anareo !

*Que l'Eternel fasse luire sa Face sur toi, et qu'il t'accorde sa grâce !*

Hanandratra ny Tavany aminareo anie ny Tompo ka hanome anareo Fiadanana !

*Que l'Eternel tourne sa Face vers toi, et qu'il te donne la paix !*

### **Fanirahana - Envoi :**

Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, Amen ! Mandehàna amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo amin'ny fifaliana.



*Gloire soit au Dieu, Père, Fils et Saint-Esprit, depuis toujours et à jamais ! Amen ! Allez en paix et oeuvrez pour le Seigneur dans la joie !*

**Fiangonana (Assemblée) :** Isaorana anie Andriamanitra – *Nous remercions Dieu. Amen !*

**Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !**